# Ilay Voa Tsara Nafafy 10 Aogositra 2018

# 10 Zoma aogositra

**... manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa nandà ny heriny.** 2 Timoty 3. 5

**Andriamanitra tsy mizaha tavan'olona.**
Galatiana 2. 6

**... mba hihazonany ny tena fiainana.** 1 Timoty 6. 19

## Voninkazo tsy tena izy

Hain'ny olona ny manamboatra voninkazo tsy tena izy, izay mitovy mihitsy amin'ny tena voninkazo, ka na mandinika tsara aza, indraindray dia tsy mahavita manavaka ny tena izy sy ny tsy tena izy. Fa ny bibikely kosa dia tsy mba voafitaka amin'izany : tsy hahita ianao, na oviana na oviana, tantely na bibikely hafa, hanatona voninkazo tsy tena izy mba hitady sakafo eo.

Eo amin'ny kristiana ihany koa, dia misy ny tena izy sy ny tsy tena izy. Toy ny voninkazo tsy tena izy, ny kristiana sandoka dia mety hitovy endrika ivelany amin'ny mpino tena izy, saingy tsy manana ao anatiny ny ain'Andriamanitra ; ary io indrindra no maha samy hafa azy ireo. Ny tena voninkazo dia avy amina zavamaniry velona ; velomin'ny fakany izy, ka mitombo isanandro isanandro. Ny voninkazo tsy tena izy kosa dia tsy manana aina, fa sarintsariny ivelany fotsiny ihany.

„Manana ny ain'Andriamanitra ve aho ?" Ny maha kristiana ahy ve, avy amina fifandraisana velona amin'Andriamanitra, sa lafiny ivelany fotsiny ihany, mampiseho fombafomba nolovaina, fihetsika na fitondrantena ara-pivavahana ? Izay milaza ny tenany ho kristiana dia tokony hametraka ireo fanontaniana ireo amin'ny tenany.

Ny bibikely dia tsy mba mampifangaro ny tena voninkazo sy ny voninkazo tsy tena izy ; mainka moa, ny olona dia tsy afaka hamitaka an'Andriamanitra. Fantany ireo izay Azy. Fantany ny ao anatin'ny fontsika tsirairay. Raha tsy manana ny ain'Andriamanitra ianao, dia taominy mba hiaiky ny toetranao maty ara-panahy ary handray ny fiainana : „Izay mino ny Zanak'Andriamanitra no manana ny fanambarana ao anatiny... Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany" (1 Jaona 5. 10, 11).